

Les journalistes Jeannot Ramambazafy et Didier Ramanoelina devant la stèle de l'OJM à Antananarivo, un 3 Mai...



**FILAZANA MANJO**

Amin'ny finoana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty sy ny fiainana mandrakizay no ampandrenesanay anareo fa ny hava-malalanay

**RANDRIAMBININTSOA**
**Didier Solomon**

**(Didier RAMANOELINA - Mpanao gazety)**
**Chevalier de l'Ordre National Malagasy**

Dia nantsoin'ny Ray hody any Aminy ny Zoma 05 Novambra 2021 teo amin'ny faha-66 taonany

Hoy :
**Ny vadiny :** RAVAOARISOA Voahangy
**Ny zanany :** NANTENAINA Jean Zoé sy Avotra; RANDRIAMBININTSOA Zoly Mialy Salomé
**Ny iray tampo aminy; Ny iray tampo amin'ny vadiny**
Terak'i MAROLAHY Fandriana
Terak'i RAMANOELINA sy RAVAOMIARANTSOA, Tsimiariloha Fandriana
Fiangonana FLM Andraimasina Fandriana
Fokontany Malaza Fandriana

Ny nofony dia andrasana ao Anosisoa Ambohimanarina Lot IVE 25 ter alohan'ny hitondrana azy any amin'ny fasan-drazana ao Fandriana.

*" Misaora an'i Jehovah ry fanahiko. Ary aza misy adinonao ny fiainany rehetra.* (Salamo 103 :2)

Fifandraisana : **0349596649**

Aty New York aho no nisy nampandre fa hoe « Iasa »  i Didier. « Didier iza dia Iasa aiza », hoy aho nanontany. Didier Ramanoelina no valiny.



Didier Ramanoelina sy Andry Rakotonirainy amperinasa

Didier Ramanoelina ? Izy ilay mpanao gazety tsy dia fantatry ny olona satria tsy be sehoseho fa olona tsotra fanahy, tso-piainana. Zandriko heritaona izy ary maro ny gazety niasany. Mifankalala tsara izay ary ho adinoko mihitsy ny fomba fitsikiny sy ny fomba fihomehiny. Somary misompirana izay.

Ingahy Rivo Rakotovao be hambo-po diso toerana no nampalaza an'i Didier tampoka. Nisy lahatsoratra mitondra ny lohatany hoe : ***« Les Messieurs du Bois De Rose »*** nivoaka tao amin'ny gazety *« Madagascar Matin »* ny sabotsy 12 jolay 2014. Izy io dia mpamaky nanao sonia amin'ny anarana mazava hoe : Mirado RASOLOFOMANANA, Sociologue, no nanoratra azy ary tao amin'ny hoe *« Courrier des lecteurs »* no nivoaka. Io lahatsoratra io koa avy eo, vetivety dia niparitaka tao amin'ny Internet. Ity ampahany manaraka ity anefa no tsy levon'ny vavon'ingahy Rivo Rakotovao :

**(...) Et que dire ce comité interministériel dont tous les membres civils sont des membres actifs du HVM. Il ne reste plus qu'à y intégrer RaBekonetaka (Rivo Rakotovao), un autre porte valise d'Eric Nazaraly sur les affaires douanières du temps où il était Conseiller de Hery Rajaonarimampianina et la boucle est bouclé (...)**.

I RaBekonetaka moa tamin'izany dia *« ministre d'État chargé des Infrastructures, de l'Equipement et de l'Aménagement du Territoire »* notendren'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina ka dia nametraka fitoriana izy izay niafara tamin'ny fanagadrana tsy nisy atakan'andro an'i Jean-Luc Rahaga, Directeur de publication, sy Didier Ramanoelina, Rédacteur en Chef-ny gazety *« Madagascar Matin »*. Efa tsy ara-dalana ny mikasika an'i Didier.

Avy hatrany dia nalefa tany Antanimora izy roalahy ary nijanona tao 4 alina sy telo andro. Satria dia ilay Filoha nanendry azy no nanery an'i RaBekonetaka hanala ny fitoriany izany tsy mitombina velively. Izao manaraka izao tokoa no niseho mantsy :

*Le 24 juillet 2014, voici la teneur d'un communiqué émanant de la Présidence de la République :*

*« **Sur ordre express du Président Hery Rajaonarimampianina, Monsieur le ministre d'État chargé des infrastructures, de l'équipement et de l'aménagement du territoire Rakotovao Rivo, a retiré sa plainte contre les deux journalistes placés en détention préventive** »*.

Asa raha izany no atao hoe afa-baraka na tsia. Kanefa dia io olona io ihany no *« voafidy »* ho Filohan'ny Antenimieran-doholona ka nisolo toerana vonjy maika io Filoha 08% nametra-pialana io. Tantara marina fa hafa.




Izay no nampalaza tampoka an'i Didier Ramanoelina izay mbola nijanona niasa ho mpanao gazety hatrany na dia efa nahatratra ny taona hisotroan-dronono.

Tamin'ny herintaona dia notoloran'ny ministeran'ny Serasera ny mari-boninahitra *« Chevalier de l'Ordre national malagasy »*
izy noho ny asa vitany teto sy ho an'ny Firenena amin'ny maha-mpanao gazety azy ny namako Didier Ramanoelina.

Vitsy anefa no nahalala fa efa nokikisana aretina izy efa ela ihany. Ny fankahitanay farany dia tamin'ny nandevenana ny zokibe Daniel Rakotoseheno tany Ambohimanga, ny 05 septambra 2021.

Mpikambana mavitrika ao amin'ny CJD (fikambanan'ny mpanao gazety zokiolona i Didier Ramanoelina. Anisan'ny namangy aho tao amin'ny Clinique Saint Paul, niaraka tamin’ny mpaka sary Fidisoa Ramanahadray, i Didier, tamin'izaho tratry ny *« insuffisance respiratoire sévère »* (fa tsy Covid-19 akory) tamin'ny taona 2020 lasa iny.

Lasa i Didier ! Ho entina any Fandriana tanindrazany ny nofo mangatsiakany rehefa avy nandrasana ao Anosisoa Ambohimanarina (jereo ny ferapara asa fady indrindra). Izaho moa dia mbola eto New York ka tsy afaka manatrika izany akory. Malahelo tokoa ny fo fa tsy maintsy mitraka ary indrindra tsy maintsy mijoro mankahery an-tsaina ny vadiny ny ireo zanany vavy roa : Tsy irery akory ianareo telo mianaka sy ny fianakaviana iray manontolo, fa miray fo aminareo ny tenako.

Mandrapihoana Didier a !

**Jeannot Ramambazafy**

New York, faha-6 Novambra 2021


OJM
Ordre des Journalistes de Madagascar

Banga iray ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety.

Nodimandry teo @ faha-66 taonany RAMANOELINA Didier. Mpanao gazety tao @ Le Quotidien, Madagascar Matin, Le Citoyen. Mpanao gazety mpikirakira ny vaovao ara-toekarena izy.

Maneho fiaraha-miory @ fianakaviana nilaozany ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara.

Mandria am-piadanana RAMANOELINA Didier.